# Ekipan-dRajoelina
# Mifanipaka toy ny valala an-karona 2


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 1 septambra 2018 Laharana 808 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Jaona 1: 23** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 30 aogositra 2018

**Faritr'i Bongolava sy Itasy** 2 4 8

# Am-pon'ny vahoaka Ravalo N°25



**Filoha Rajaonarimampianina** 2

# Veloma tsy hiverina intsony afaka herinandro



**ECOLE DE FOOT-BALL ACADEMICA** 5

## Natolotr'izy ireo ny ben'ny tanàna ny medaly volafotsy azony



**Saran-dàlana 500 ariary** 7

## Tsy mitovy hevitra ny mpitatitra

**Fikambanana FIZAAMI** 6

## Nisokatra omaly ny fankala-zàna ny faha 10 taonany

**TIM boriborintany faha 5** 2

## Manavao ny eny amin'ny fototra

**Daka kely**

Tena zéro ialahy ry Boaikely raha tsy misy artista a !

**Teknika sy fanofanana arak'asa** 5

## Nahatratra 70% ka hatramin' ny 100% no afaka CAP



FARITR'I BONGOLAVA SY ITASY

## Ao am-pon'ny vahoaka hatrany Ravalo N°25



*Hafaliana sy fanantenana ny an'ireo vahoaka nihaona tamin'ny filoha Ravalomanana.*

Taorian'ny fihaonany tamin'ny mponin' Antananarivo renivohitra sy ny manodidina, izay mbola tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny faha-15 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ny sabotsy 25 aogositra lasa teo, teny amin'ny kianjaben'i Mahamasina dia nifamotoana tamin'ny mpanaradia azy indray tao Tsiroanomandidy renivohitry ny faritra Bongolava ny kandida Ravalomanana Marc N°25 ny alarobia teo. Fihaonambe izay nifamotoanany tamin'ireo mpomba azy tao amin'ny Collège Sewell Tsiroanomandidy. Vahoaka marobe tokoa no tonga nanatrika ity fifanatrehan-tava tao amin'ity distrika iray ao anatin'ny faritra Bongolava ity tamin'izany ary tsapa fa ao am-pon'ny vahoaka hatrany i Dada. Nambarany tamin'izany fa lasa fomba fiainana andavanandro eo anivon'ny fiaraha-monina Malagasy hatramin'ny nisian'ny fanonganampanjakana ny taona 2009 ny gaboraraka sy ny fandikan-dalàna isankarazany, izay tranga tsy hita tamin'ny fitondrana ara-dalàna tamin'ny taona 2008, hoy izy. Tao aorian'ny tany Bongolava, nitsidika ny tany Ampefy sy Ampary ao amin'ny distrikan'i Soavinandriana faritr'Itasy ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana. Nibosesika ny hahita an'i Dada koa ny vahoaka marobe tany amin'ireo Kaominina 2 any amin'ny faritr'Itasy ireo, midika fa mbola ao an-damosin'ny Filoha Marc Ravalomanana hatrany ny vahoaka any amin'iny faritra iny, na ny faritr'Itasy io, na ny faritr'i Bongolava izay notsidihany tamin'ity herinandro ity. Nanamafy rahateo ny solontenan'ny mponina any an-toerana nandritra ny fihaonana fa tsy hivadi-belirano amin'i Dada mihitsy izy ireo, na misy aza ny mena-miraviravy ataon'ny filohan' ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina, sy ny filoha mpampiesona, Hery Rajaonarimampianina, izay efa hanao veloma ny fahefany afaka 8 andro ihany koa sisa. Raha ho an'i Tsiroanomandidy sy Soavinandriana hoy izy ireo, tsy isalasalana fa 1er tour dia vita, hiverina amin'ny fitondrana indray ny Filoha Marc Ravalomanana, izay rahateo no finoan'ny ankamaroan' ny vahoaka Malagasy.

***Isambilo***

Mahafaly Olivier

## Voakiana tamin'ny resaka « subvention »



Nandritry ny fanaterana taratasy fitoriana teny amin'ny HCC ny alakamisy lasa teo no nanakianan'ireo kandida tsy tafiditra 10 mianadahy ny zava-misy eto amin' ny firenena amin'izao fotoana. Nambarany fa tokony mbola nisy fotoana namenoana ny antontan-taratasy vao noraisina ny fanapahan-kevitra. Iza koa izany no hofidian'ireo olonay hoy izy ireo satria izy ireo no tokony hofidiany. Tsy hisy fifidianana vanona eto raha ny nambaran'ireto kandida tsy tafiditra ireto satria tsy voahaja ny zon'olombelona sy ny mangarahara. Fa nandritry ny fitoriana nataon'ireto kandida tsy tafiditra ireto ihany koa no nanakianany an'i Mahafaly Solonandrasana Olivier izay nanodinkodim-bola tamin'ny resaka "subvention" tokony hozaraina nefa dia tsy hita ny tohiny hatreto. Mbola tafiditra ho kandida anefa io olona io hoy ihany ireto kandida tsy tafiditra ireto. Maro amin'ireo kandida koa no nanongam-panjakana, ny nanodinkodina volam-bahoaka sns... nefa dia mbola tafiditra anaty kandida hifaninana indray. Andrasana ny valin' ny fitoriana nataon'izy ireo na dia efa akaiky aza ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana filoham-pirenena eto amintsika amin'ity taona ity.

***Rajo***

Ambatondrazaka

## Mifanipaka toy ny valala an-karona ny ekipan-dRajoelina

Mifanipaka tanteraka ireo ekipa mpanohana an-dRajoelina amin'izao fotoana izao ary tsapa fa ny ao anaty antokony mihitsy no tena mitarika izany aty Ambatondrazaka. Vokany, nidina ifotony mihitsy ireo oloben' izy ireo avy any Antananarivo nikasa ny handamina ny raharaha izay efa tsy nety nilamina na dia efa nisy fivoriana matetika aza. Raikitra ny fifanasana vangy ho an' ireo izay nisehoan'ny olana ka dia vaky ambatolampy ny resaka. Fantatra fa indroa miantoana mihitsy ity fandravonana disadisa ity, izay nahitana fa misy ny olona ao anatin'izy ireo no efa miketrika ny toeran'ny solombavambahoaka. Raha nahitana marimaritra iraisana ny olana izay novahana dia efa misy sahady ihany koa ny mamorona olana vaovao ary dia velona ny fitsitokotokoana avy eo. Tsy mahagaga raha toa ka miseho ny korontana hoy ny rehetra satria tafiditry ny fandrava laka ny mpanohana ity Filohan'ny tetezamita teo aloha ity, ka ny antoko izay natsangany no nidiran'ny viriosy nitarika ny olana eo amin'izy ireo. Olona efa nitsirepirepy avy any amin'izay nalehany tany no nidongizina niditra ary nizahozaho ho mahatarika olona hany ka lasa voahilika ny tompon-toerana hoy kosa ny hafa. Mizara tanteraka ny raharaha ka lasa ireo niaraka nitolona tamin'ny solombavambahoakan'ny fanovana indray hoy izy ireo no ezahan'ny sasany ahilika. Ny baolina mbola tsy manomboka akory dia efa raikitra ny zarazarao hanjakana. Fantatra fa mbola miteraka olana ao anatin'izy ireo ihany koa ny fisian'ny olona izay milaza fa handamina kanefa manakorontana daomy sy mankalaza tena fotsiny ary mahavita mamorivory olona etsy sy eroa kanefa saika olona efa naloam-bahoaka. Hatreto izany dia mbola misy ihany ny tsy miady tsy miady kanefa ny kobay ankelika ihany ho an'izy ireo.

***Raoul***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Veloma tsy hiverina intsony ho an-dRajao afaka herinandro

Akaiky ny fotoana hialàn'ny filoha Hery Rajaonarimampianina eo amin'ny fitondràna, araka ny lalàna tsy maintsy miala eo amin'ny toerany maha filohampirenena azy ity farany 2 volana mialohan'ny fifidianana satria kandida. Arak'izany, veloma tsy hiverina intsony ho an-dRajao afaka herinandro, izany hoe amin'ny 7 septambra izao, satria tsy maintsy hiala ity filoha mpampiesona ity amin'io daty io. Ao anatin'izany fotoana fohy izany anefa dia mihazakazaka mitety an'i Madagasikara i Hery Rajaonarimampianina, mitokana ireo lazainy fa zava-bita. Na zavatra tsy tokony ho tokanana filohampirenena aza dia ataon'ity farany avokoa satria te- hiseho eo imason'ny vahoaka izy fa miasa ny fanjakàna notarihiny. Dia manantena ve ity filoha ity fa tena nahavita be teto amin'ny firenena nandritra ny fotoana nitondràny nandritra ny 5 taona ? aoka ny vahoaka no hitsara satria tsy adala akory ny Malagasy ka tsy hahafantatra ny setroka sy ny tomany. Ny fantatra aloha dia nanomboka ny 2009 no mankaty dia nitotongana ny fari-piainan'ny Malagasy, tafalatsaka ao anaty fahantrana tanteraka ny vahoaka, fa ireo mpitondra kosa miaina ao natin'ny harena be tsy hita pesimpesenina, izay atao fafi-katrana ankehitriny. Ny tsy fandriampahalemana dia efa tena mampiteny ny moana, ka mamita-tena ihany ny Filoha Rajaonarimampianina, mitokana sy mametraka vato fehizoro etsy sy eroa amin'izao fotoana.

***Helisoa***

TIM boriborintany faha 5

## Manavao ny eny amin'ny fototra

Mihetsika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ao amin'ny boriborintany faha 5 manentana ny rantsa-mangaika manerana ny fokontany ao anatin' ny boriborintany. Taorian'ny fokontany Ambatomainty dia ny fokontany Ivandry sy Alarobia indray no notsidihan'ireo mpitarika ny DISTIM ao an-toerana tarihan'ny filoha mpisolo toerana Ramalanjaona Zaka ny faran'ny herinandro lasa teo. Tao anatin'izany no nanavaozana, na ny marimarina kokoa namenoana ny banga amin'ny biraon'ny FOKTIM tao an-toerana. Latsabato ara-dalàna no nifidianana ny birao tamin'izany, ka lany filohan'ny FOKTIM tao Alarobia, Andrianoeliarimanga Clodys, ary Randrianjatovo kosa no lany filohan'ny FOKTIM Ivandr. Natao izao hoy ny filohan'ny DISTIM hanatsaràna ny fomba fiasa ao amin'ny antoko TIM ao amin'ny boriboritany faha 5, indrindra amin'izao fotoana izay efa maha antomotra ny fifidianana ho filohampirenena izao. Vonona ny boriborintany faha 5 hampandany ny filoha Marc Ravalomanana kandida N° 25 rehefa tonga ny fotoana hoy ny mpikatroka rehetra tamin'izany.

***Helisoa***



*Fivorian'ny Foko-TIM tao amin'ny Boriboritany faha-5.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Rajoelina Andry : tsy nanome porofom-pitiavana ny vahoaka sy ny firenena izany

Lohatenin'ny lahatsoratra iray tao amin'ny gazety mpiseho isan'andro iray io fehezan-teny io. Fanontaniana maro no tao an-tsain'ny mpamaky raha nahita izany satria kilalaon-teny ihany no nampiasainy ka mila hazavaina tsara ny tiany hahatongavana… Ny "fanambaram-pitiavana" dia fitoriana amin'olona ny fihetsem-po, mety tsy amin'olona ihany fa mety ho amin-javatra hafa. Ohatra azo raisina ny teny filamatry ny antoko TIM hoe: "Tiko i Madagasikara", izany hoe tiany izany ny fireneny sy izay rehetra ao aminy, na mponina na zavaboahary na ny harena, ka namafisin'ilay boky kely "Madagasikara ara-boajanahary" (Madagascar Naturellement). Raha ny IEM novolavolaindRajoelina Andry no voaboasana dia programa entiny hampandroso an'i Madagasikara ka heveriny hahatafavoaka ny firenena ao anatin'ny fotoana mety hitondrany indray. Tsy "porofom-pitiavana" io satria zavatra azo tsapain-tànana sy hitan'ny maso no entina manaporofo ny fitiavana. Mety azo raisina ho porofom-pitiavana ny fanoratana amin'olona iray fa hataoko toy izao ianao na hampiadaniko ianao na hataoko daholo izay tianao, izany hoe mbola fanehoana finiavana (intention) ihany izany fa tsy fanaporofoina fitiavana. Amin'ny ankapobeny dia tranga na hetsika efa vita sy natao no entina manaporofo ny fitiavana. Ka raha ny an'ity kandidà ity no hatao jery todika ny nataony teto amin'ity Firenena ity, nandritra ny dimy taona nitondrany ny tetezamita dia tsy misy porofom-pitiavana mihitsy na ho an'ny vahoaka Malagasy na ho an'i Madagasikara satria nirodana avokoa ny sehatra rehetra. "Alatsinainy mainty" sy "Sabotsy mena" ary "fanonganampajakana no nalaza tamin'ny nidirany an-tsehatra teo amin'ny raharaham-pirenena. Raha oharina amina olona iray i Madagasiara ka naolana sy noratraina ary norobaina ny fananany ka nilaozana sy tsy noraharahiana ary navela nifika taolambe tsy mitapaka nandritra ny efatra taona dia handefasana taratasy lazaina fa porofom-pitiavana indray. Azo inoana fa tsy misy olompirenena mbola mahatsiaro tena ho Malagasy dia tsy hahatoky sy hanankina ny hoaviny amina olona namela takaitra sy ratra taminy. Heverina fa ireo olona mpiombon'antoka sy naira- namolavola ary niara-nigoka taminy ny tombony azony no mbola mihevitra sy manangoly sy manao hetsika entina manasa ny saim-bahoaka ary mbola resy lahatra fa ny fanambatambazana ny olona amin'ny zavatra tsy mahaleo ny sarany no hividianana azy indray. Tsy tokony hadino fa ny maro amin'ny vahoaka Malagasy dia efa mahay manavaka izay namela mamy ho azy sy izay nampisotro ny nampangidy azy, ka na inona na inona ary na iza na iza mampiseho porofom-pitiavana aminy dia efa hainy ny manavaka ireo ary ho porofoiny amin'ny alàlan'ny fifidianana izany. Ny kandidà toa an-dRajoelina Andry dia toy ny tsikovoka: raha manidina , toy ny voromanga; fa rehefa mipetraka , toy ny tavilotra na potika tavim-boninkazo.

***Andry Tsiavalona***

Dis-TIM Andramasina

# Manome soso-kevitra ny CENI hampadio sy hampangarahara ny fifidianana

Mitondra ny heviny momba ny hampadio sy ny hampangarahara ny fifidianana ny mpitarika ny Dis-TIM any Andramasina, Herinjato Rabetokotany. Milaza izy fa araka ny fanambaràn'ny CENI dia :

• Nampitomboina 3% amin'isan'ny mpifidy voasoratra anarana ny isan'ny biletà tokana hatonta satria sao misy fahadisoana ataon'ny mpifidy.

• tsy asiana laharana famantarana manokana (numéro) ny biletà tokana hampiasaina amin' ny fifidianana satria sao fantatry ny mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana ny safidy ataon' ny mpifidy tsirairay.

Manoloana izany dia tsara ihany ny manome soso-kevitra satria raharaham-pirenena sy safidim-bahoaka marina no resaka fa tsy raharahan'ny CENI irery na fampandaniana antoko politika iray. Zava-dehibe loatra ny hatrehin'ny firenena ka aleo mifanoro hevitra ihany. Marihina koa fa ny krizy politika sy ny tsy fisehoan'ny tena safidim-bahoaka marina amin'ny ankapobeny dia avy amin'ny olana amin' ny lisitry ny mpifidy sy ny biletà tokana (ny fisian' ny fizaràna mialoha ny bulletin pré-coché).

1) Tsy mbola nisy teto an-tany hoe nifidy daholo ny mpifidy voasoratra anarana amin'ny lisitry ny mpifidy ao amin' ny birao fandatsahambato iray. Izany hoe tsy nahatratra 100% ny mpandatsa-bato. Raha resaka hoe mety fahadisoana hataon'ny mpandatsa-bato indray dia tsy hinoana ho betsaka izany ary mety tsy hisy mihitsy aza. Koa tsy dia fantatra loatra hoe hatao inona marina ary ity biletà tokana 3% ambониny hatonta ity ?

2) Ny CENI na ny rantsamangaikany eny anivon' ny distrika no manendry ny mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato tsirairay araka ny lalàna. Samy manao taratasy ireo olona ireo fa tsy hiandany amin'ny antoko politika. Mazava loatra koa fa amin'ny asa sarobidy toy itony dia tokony ho voafehy amin'ny antsoina hoe « secret professionnel » izy ireo. Noho izany dia tsy tokony hipetraka io ahiahy lazain'ny CENI io, satria amin'izany raha misy mpikambana ao amin'ny birao fandatsaham-bato iray mamoaka ny safidin'ny mpandatsa-bato iray dia azo enjehina araka ny lalàna izy. Ny lalàna dia azo ovàna araka ny filàn'ny vahoaka azy fa tsy misy lalàna tsy azo ovàna izany.

3) Raha sanatria ka tsy resy lahatra mihitsy amin'ny fametahana laharana (numéro) miseho amin'ny biletà tokana ny CENI dia misy ny vahaolana azo atao : *laharana (numéro) amin'ny filigrane* no atao, toy ireny sary azo tarafina amin'ny vola taratasy ireny ; na « *code-barres* » no ampiasaina. Amin'izay dia tsy hipetraka ny ahiahin'ny CENI. Samy mahazo tombony ny rehetra satria ny tena safidimbahoaka marina no hivoaka amin'izany : ny CENI mahazo ny fahatokisan'ny vahoaka azy ary afaka milaza fa tena madio sy mangarahara ny fifidianana ; ny vahoaka malagasy kosa mahazo izay filoham-pirenena tena safidin'ny maro an'isa marina ka dia ho voasoroka ny krizim-pifidianana mety hiseho.

4) Havoakan'ny CENI foibe amin'ny fomba ofisialy toy ny famoahana ny lisitry ny birao fandatsaham-bato ny isa sy ny laharan'ny biletà tokana alefa isaky ny distrika. Afaka manaraka izany daholo ny antoko politika rehetra. Anjaran'ny rantsamangaikan'ny CENI eny anivon'ny distrika avy eo no mitsinjara izany (miaraka amin'ny isa sy laharan'ny biletà) isaky ny birao fandatsaham-bato, ary dia hampahafantarina mialoha ny antoko politika rehetra eny an-toerana izany (affichage).

Manainga ny CENI handinika tsara mialoha ny hanontàna io biletà tokana io satria amin'ny ankapobeny dia miankina tanteraka amin'izany ny mety ho filaminana na tsia aloha sy mandritra ary aorian'ny fifidianana. Koa aleo misoroka toy izay mitsabo.

***Isambilo***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Mahaliana R**


## NY TENY FIAINANA



***I Jaona 5:13***

*Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay hianareo.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Kamboty tsy fidiny noho ny hetraketraky ny tsy mataho-tody



**Arp Helisoa :** kamboty tsy fidiny ity zaza ity noho ny hetraketraky ny tsy mataho-tody.

**Lala Mib Randrianalisoa :** ny FANAMELOHANA HO FATY no HANY SAZY SAHAZA IREO IZAY NAHAVANON- DOZA TOA IZAO. ........ ( saingy raha manam- bola ampy ilaina @ KOLIKOLY izy ireo dia. ...... hampimenomenona ny rehetra indray ny hany sazy ho azony. ....., na hivoaka moramora any amponja refa mangingina sy variana @ fiainana andavanandro ny rehetra é. ,,,.

**Hasinasandratra Rahantaribenja :** aiza re ry fanjakana ny fandraisanareo andraikitra @ 'ty vono olona @ endriny maro tsy tambo isaina ity fa mijaly ny vahoaka ! Tena tokony vonoina koa izay mahavanon-doza fa efa biby olona.

**Martial Tovonirina :** za aloha tsy mbola nahita izany fanjakana izany teto Mada h@ 2009 nankatý e ! Fa aiza ho aiza izy izany e ! hihihihihihi !!!

**Sahondra Hanitra Andrianasolo :** ndryyy tena mafy, tsy hita tampoka, dada, neny, zandry… Tompo o! ampio izy !

**Odette Lisinirina :** ndriiii… tena mafy zao... aza atao vitavita ho azy fa mangidy loatra!!

**Ratovoheriniaina Zakaria Arison :** olona mba niteraka sy natera-behivavy ihany ve no nahavita izao? Lasa kamboty tsy fidiny ilay zaza kely. Tena mahaontsa eh! Sazy faran`izay henjana no tokony hampiharina amin'ireo nahavanon-doza.

## TONONKALO

# Ny santionany amin`ireo soavaly hifaninana

Mifanarakaraka ireo soavaly
Izay efa nanao hadalana omaly,
Dia ilay mpievotrevotra , mpibalady,
Sy ilay tia mitarika ho any an-kady.

Ny iray roambinifolo raha ny laharana.
Toa efa manomana fangalarana,
Fa ny azy aza hatramin`ny fiaingàna,
Narosony ka tena nigagàna.

Ny iray kosa ilay telo ambinifolo:
Soavaly tanora , mpanao bontolo.
Mpanentana dihy , hono, no talentany
Ka lalina ery ny fientanentany !

Ireo ilay soavaly mpidingin-drambo,
Mpidehaka ery sady matin-kambo.
Tia manindrahindra ny fisandratana,
Kanefa mpangalatra hita vatana.

Soavaly hafahafa raha ny karazany
Satria mahamenatra ny hazakazany.
Sokajin-tsoavaly mpihoatra fefy,
Kanefa miseho ho tsy mety lefy.

… Soavaly tsy mendrika ianteherana
Na hita aza fa te hitady toerana.
Tsy mendrika hitarika sy hitondra
Fa mbola manao irony lohan`ampondra !

***DADAN`i ZINA (29-08-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

**Ny filoha Ravalomanana, kandidà laharahana 25, tao Ampefy.**







# Sakafo Ny Valosoa



Te-sham sy voanjo indray no laoka amin'ny Sakafo tsy misy hena eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy tongolo koa miaraka aminy. Azo atao koa ny mampiasa karazana anana hafa.

# NY VALOSOA sy Mahavariana

## Fanalana tasy amin'ny tarehy

Torohevitra fanalana tasy na "point noir" sy "cerne" amin'ny vatana :

Kafe vovony (sotro 1),

Yaourt nature (Sotro 1),

Jus mananasy na citron (Sotro kely 3),

Afangaroy tsara ka avelao anaty vata fampangatsiahana (frigo) mandritry ny adiny 1 vao azo apiasaina. Hahosotra amin'ny tarehy sy ny tenda 20 minitra ka kobanina tsara. Ataovy in-3 isak'herinandro.



# NY VALOSOA sy Mahavariana

## Ny tanànan'Ambovombe renivohitry ny faritra Androy

Ny tanànan'Ambovombe, renivohitry ny faritra Androy indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Izy no faritra atsimo indrindra ao anatin'i Madagasikara. Ny lalampirenena faha-13 (RN 13) no anisan'ny mankany, 383 km miala an'Ihosy, ary 110 km andrefan'i Faradofay. Faritra tsy dia ahitana renirano na farihy ny any, faritra maina indrindra eto amin'ny Nosy. Mpamboly sy mpiompy ny mponina, mpiompy omby, ondry, osy,… Ny Antandroy, ny Mahafaly no tena mponina any, na izany aza, hita any avokoa ireo mponina rehetra manerana ny Nosy.



## Jaona 1: 23

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao, 30 aogositra 2018

***Jaona 1: 23 "Izaho dia feon'ny miantso mafy any an-efitra hoe: Ataovy mahitsy ny lalan'i Jehovah."***

IZAHO JEHOVAH maneho anareo zava-mahagaga, zava-miafina sy zavadalina ary saro-pantarina. Ry mpamaky sy liana ny AMIKO sy ny HERIKO ary ny FAHEFAKO. I Jaona Mpanao Batisa dia tsy mba nisy nilaza ny aminy fa dia nofantarin'ny olona fotsiny ny amin'ny hoe: "mpanao Batisa". Marina izany ary tena marina tokoa. Rehefa nisy fanenjehana ny mpianatr'I Jesosy sy Jaona ary ny Apostoly dia ny tantara milaza ny amin'ny FAMONJENA ny zanak'olombelona no noezahana nafenina, nodorana, nopotehina ary izay rehetra mbola minia manambara izany dia nogadraina sy novonoina. Izany no nahatonga ny mpaminany tsy mba niseho sy hita fa mafy ny lalàna navoakan'ireo mpanenjika ny KRISTIANA tamin'ny andron'I JESOSY sy ny Apostoly ary ireo resy lahatra nanaraka ny FAHAMARINANA nentin'izy ireo. Toy izao ny momba an'I Jaona, **Jaona 1: 6** : Nisy lehilahy iray nirahako, Jaona no anarany, **andininy 7**: Izy tonga ho vavolombelona hanambara ny MAZAVA. JESOSY izany MAZAVA izany mba hinoan'ny olona rehetra ny teniny. Tao an-kibon'I Elizabeta reniny I Jaona dia efa nofenoina ny FANAHY MASINA tamin'ny fotoan'andro raha mbola tao am-bohoka izy ka namangy an'I Elizabeta I Maria renin'I JESOSY, izay no dikan'ilay hoe : "nibitaka". I Jaona no nanambara ny momba an'I JESOSY, hoy izy, **Jaona 1: 9-13** *"Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Izy dia tao amin'Andriamanitra tamin'ny voalohany. Izy no nahariana ny zavatra rehetra; ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza. Izy no nisiam-piainana; ary ny fiainana no fanazavana ny olona. Ary ny mazava dia amirapiratra ao amin'ny maizina; fa ny maizina tsy nandray azy*". [*Na: Tsy mahasakana azy] *Nisy lehilahy nirahin'Andriamanitra, Jaona no anarany. Izy tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava, mba hinoan'ny olona rehetra noho ny teniny. Tsy izy anefa no ilay Mazava, fa tonga ho vavolombelona hanambara ny Mazava ihany izy. Tao ny tena Mazava* Izay mahazava ny olona rehetra tonga amin'izao tontolo izao**."* Izany Teny izany dia tonga nofo ka tanteraka teo aminareo. Teo amin'ny tany izay nanehoana izany no tonga sy tanteraka ny TENY fa tsy nino ny olona, tsy nihaino ary tsy nandray koa. Tamin'izany indray no fotoana hamerenana ilay FANJAKANA fa lehibe dia lehibe ny ady, novonoina I Jaona, novonoina JESOSY, novonoina ny Apostoly sy ny mpaminany, novonoina izay rehetra fantatra fa manaraka ny fampianarana ny fananganana ny FANJAKAKO. Hoy I Jaona : mibebaha ianareo fa efa akaiky ny Fanjakan'ny Lanitra, izany hoe : "raha misy mpanota anankiray mibebaka, miala amin'ny fahotany dia tonga aminy ilay FANJAKANA, tafatoetra mihitsy, JESOSY izany "Finoana, Fanantenana ary Fitiavana, Fahendrena, Fahamarinana, tarihin'ny FANAHY MASINA satria ZANAKO." Nohazavain'I Jaona toy izao ireo tsy nahalala fa nanao azy hoe, Jaona 1: 25-27 *"Dia nanontany azy ireo ka nanao taminy hoe: Nahoana ary ianao no manao batisa raha tsy ianao no Kristy, na Elia, na ilay Mpaminany? Jaona namaly azy ka nanao hoe: Izaho manao batisa amin'ny rano; fa eto aminareo misy Anankiray Izay tsy fantatrareo, dia ilay avy ao aoriako, ary tsy miendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho."*, tsy izaho no KRISTY, tsy Elia aho, izaho ilay iraka avy an'efitra hilaza amin'ny olona hoe : ataovy mahitsy ny lalan'I JEHOVAH, izany hoe : hitory fibebahana mba hiverenan'ny FAHAMARINAN'NY LANITRA dia Ilay FANJAKAKO rava izany. Tamin'izany fotoana izany dia naseho JESOSY satria IZY Ilay MPANJAKA ao amin'io FANJAKANA io. Tsy tian'ny olona izany, tsy zakan'ny olona, mihitsy, koa dia samy manangana fanjakana tamin'ny sainy ny olona, tsy manaiky izay nirahiko. Matio 11: 12 *"Ary hatramin'ny andron'i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan'ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-keriny"* Izany hoe n'iza n'iza mibebaka dia nandrobaka nahazo ilay FANJAKANA ao anaty ka mitahiry izany, aza hadino fa ady vao mahavita FIBEBAHANA sy mahatafita izany, mandrava vato mifanongoa (fahotana izany). Ny tena asan'I Jaona koa dia nampahafantatra sy nanamafy ny momban'I JESOSY, Jaona 1: 29-34. I Jaona no nanazava ny amin'ireo dingan'ny Batisa fa nifampizaran'izy mirahalahy ny ASA arak'izay nanendreko azy.

| JAONA | JESOSY |
| --- | --- |
| - Batisan'ny Fibebahana | - Batisan'ny famelan-keloka |
| - Batisan'ny rano | - Batisan'ny Fanahy Masina |
| | Batisan'ny Afo |

Ireo dia tokony ho hita eo amin'izay manara-dia Anay. Vakio tsara fa dimy ireo dingana ireo, fa na dia I Davida aza niady tamin'I Goliata, dimy ny vato tao anaty kitapony, vato iray tamin'ireo fotsiny dia nahavoa an'I Goliata ka nahafaty azy, tsy hadino fa nisy tehina koa teny an-tanany izay midika hoe : ao amin'ilay FANJAKAKO izy, I Samoela 17: 40. Ny tiako JEHOVAH hambara dia izao: averina amin'ny laoniny izany FAHAMARINANA izany fa rava. Antom-pisian'I JESOSY dia nametraka ny Fanahy Masina talohan'ny nialany teo aminareo sy nametraka ny hafatra rehetra momba izany. Ny antom-pisian'I Jaona indray dia mitory Fibebahana sy ny Batsisan'ny Rano hahazahoana Famonjena, **Jaona 1: 33-34** *"Ary izaho tsy nahalala Azy; fa Izay naniraka ahy hanao batisa amin'ny rano no nilaza tamiko hoe: Izay ho hitanao idinan'ny Fanahy sy itoerany, dia Izy no Mpanao batisa amin'ny Fanahy Masina.Ary nahita aho, ka dia nanambara fa Izy no Zanak'Andriamanitra."*

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## ECOLE DE FOOT-BALL ACADEMICA

# Natolotr'izy ireo ny ben'ny tanàna ny medaly volafotsy azony



*Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana, sy ireo solontenan'ny avy amin'ny Ecole de Foot-ball Academica.*

Tonga nitondra fisaorana feno ho an'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana ireo ankizy mpianatra baolina kitra sy ny Ray aman-dreniny omaly, izay avy ao amin'ny Ecole de Foot-ball Academica Mahamasina. Nohon'ny tolo-tanana izay nataon'ny Ben'ny tanàna azy ireo niatrika ny fifaninanana iraisampirenena tamin'ny baolina kitra natao tatsy amin'ny Nosy Maorisy no anton'izany. Niatrika ny fanasan'ny "Association des éducateurs de Football de Port Louis" izy ireo, izay notanterahana tatsy Maorisy. Miisa 64 ny mpandray anjara, ka anisany i Madagasikara. Vokany, nahazo laharana fahatelo tamin'ireo mpifaninana ny Ecole de Foot-ball Academica Mahamasina, ka nahazo ny Medaly Alimo, voalohany ny Nosy Maorisy nahazo ny medaly volamena, faharoa ny Nosy La Réunion nahazo ny medaly volafotsy. Natolotr'izy ireo ho an'ny Ben'ny tanàna Antananarivo renivohitra lalao Ravalomanana tamin'izany ny medaly alimo azon'izy ireo tamin'ity fifaninanana iraisam-pirenena teo amin' ny baolina kitra ity.

***Lita***

## Teknika sy fanofanana arak'asa

# Nahatratra 70% ka hatramin'ny 100% no afaka CAP



*Rahantasoa Lydia, minisitry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa.*

Nahatratra 70% ka hatramin'ny 100% ny afaka fanadinana CAP (Certificat d'Aptitude Professionnel), teo anivon'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, fanadinana notanterahana ny herinandro lasa teo. Io no anisan'ny nambaran'ny Ministry ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa Ramatoa Rahantasoa Lydia ny alakamisy teo, tetsy amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina. Ankoatra izany nizotra tam-pilaminana koa ny fanadinam-panjakana BEP, na Brevet d'Etude Professionnel izay nifarana ny alakamisy tolakandro teo manerana ny Nosy. Nofaranana tamin' ny fomba ofisialy tetsy Antaninarenina io ny atrikasa momba ny fanatsaranaa ny fanofanana sy ny mari-pahaizana eo anivon'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, na Cadre National de Certification. Natao tamin'izany koa ny fanaovan-tsonia teo amin'ny Ministera sy ny CS2PC, na ny Comité Sectoriel de Partenariat et Pilotage de Coordination, momba ny fanaovana ho toeram-piofanana filamatra ny CFP any Foulpointe any amin' ny faritra Atsinanana, fiaraha-miasa tamin'ny Unesco, na ny fikambanan'ny Firenena Mikambana misahana ny kolontsaina sy ny fanabeazana. Niatrika izao lanonana roa sosona tetsy amin'ny Le Pavé Antaninarenina izao koa ny talen'ny kabinetra Ramatoa Raharimampionona, sy ny Sekretera jeneralin'ny Ministeran'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa, Tsikel'Ankina Ernest.

***Aly***

## Isotry Atsinanana, Tsaralalàna (FIATA)

# Nentanina ireo mpivarotra hanampy ny CUA amin'ny fanadiovana

Anisan'ny tena mpandoto tanàna ireo mpivarotra amorondalana, araka izany dia nentanina manokana izy ireo ny alarobia teo mba hanatevina ireo mpiasan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) amin'ny fanatanterahana ny fanadiovana faobe izay karakarain'ny Boriboritany Voalohany isan-kerinandro, miaraka amin'ireo « association » mpitantana foto-drafitr'asa eny anivon'ny Fokontany 44. Nanambara ny tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Boriboritany Voalohany fa tena anisan'ny fokontany maloto ny fokontany Isotry Atsinanana sy Tsaralalana (FIATA), noho ny fahabetsahan'ireo mpivarotra izay tena fantatra fa mpandoto tanàna. Nentanina manokana izy ireo tamin'ity indray mitoraka ity mba ho tsapany ny havesatry ny loto izay avelany aorian'ny asa fivarotany. Ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) dia tsy mitsahatra ny manentana ny mponina izay mila ravinahitra sy mpandalo eto an-dRenivohitra mba samy handray ny andraikitra tandrify azy avy amin'ny fanadiovana ny tanàna. Izay tsy mandoto dia efa anisan'ny manadio.

***Aly***



*Ny fanadiovana nataon'ny Boriboritany I tao Isotry Atsinanana sy Tsaralalana (FIATA).*

FARADOFAY

## Nisy namaky ny DREN Anôsy

Toeram-piasan'ny Dren Anôsy, nisy namaky izany, fitaovana maro no nanjavona toy ny solosaina maherin'ny valo sy fitaovana hafa toy ny skanera no indray nanjavona tao anatin'ny indray mipimaso. Ny alin'alahady teo no nisehoan' izany. Ny maraina raha tonga tao amin'ny toeram-piasana ireo mpiasa, hita fa banga ny toerana mpisy ireo fitaovana. Nojerena ny tao an-trano sao dia mba nisy namindra toerana ireo fitaovana, asa very maina. Noporofoina ilay trangan-javatra, hita fa nisy namaky ny trano, lasan'ireo mpangalatra ny entana. Mbola mandeha ny fanadihadiana ataon' ny mpitandro filaminana. Ny mampalahelo, ny sasany manatsara sy mijery ny ho avin'ny mpianatra, ny hafa mangalatra sy manimba. Misy mihitsy aza ireo manapotika ireo fotodrafitr'asa efa vita.

***Mangarahara***

Fikambanana FI.Z. A.A.MI

## Nisokatra omaly ny fankalazàna ny faha 10 taonany

Nisokatra omaly zoma 30 aogositra ny fankalazàna ny faha 10 taonan'ny fikambanana FI Z A A MI na ny Fivondronan'ny Zanak'Ambohimanarina sy Antehiroka mikabary. Fety maro sosona no nanamarihana izany toy ny fanambaràna ny fijoroan'ny fikambanana ho arapanjakàna, araka ny laharana faha 1616/17-MID/SG/DGAT/DPID/ANT/ASS, tamin'ny 3 aogositra 2017, ary ny fitokanana ny foiben-toeran'ny FI.Z.A.A.MI ao amin'ny fokontany Antanety Antsimo boriborintany faha 6 Ambohimanarina. Ny delegen'ny boriborintany faha 6, Fehizoro Andriamananjezika no filohamboninahitry ny fikambanana araka ny fanendrena nataon'ireo mpikambanana ao amin'ny FI.Z.A.A.MI, ary Dany Rabemananjara, mpiasan'ny Radio Madagasikara teo aloha, no filoha mpanorina 10 taona lasa izay, ka mbola mitondra fivondronan'ny Zanak' Ambohimanarina sy Antehiroka mikabary ankehitriny. Noho ny zavabitan'ity farany tamin'ny fikambanana sy ny firenena dia nosalorana ny mariboninahitra commandeur de l'ordre national Malagasy izy, araka ny fahefàna nomen' ny manampahefàna ny lehiben'ny distrika ao amin'ny boriborintany faha 6. Ny lanonana dia tao amin'ny biraon'ny boriborintany faha 6 Ambohimanarina no natao, izay natrehin'ny lefitra voalohan'ny delege ao amin'ity boriborintany ity sy ireo manampahefana maro ao an-toerana.



***Helisoa***

Boriboritany faha-3 (CUA)

## Manomana foot à 7 sénior, misokatra amin'ny rehetra

Hanao hetsika Lalao Baolina kitra “Tournoi à 7” ny avy ao amin'ny Boriboritany fahatelo, izay karakarain'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ary ny Airtel no mpanohana ny hetsika. Entanina sy asaina isika vahoaka rehetra tsy ankanavaka sy ny ekipa rehetra mba handray anjara amin'izany hetsika izany, hoy ny solontenan'ny delegen'ny Boriboritany faha-3. Tsy misy ny fanavahana taona fa afaka milalao daholo ny Lehilahy rehetra tsy ankanavaka. Raha misy te handray anjara amin'izany dia afaka manatona eny amin'ny biraon'ny Boriboritany fahatelo Antaninandro. Misy ny sarany aloa ho an'ireo izay mpilalao te handray anjara, izay ezahina hatao mirary dia mirary ary misy koa “bordereau” homena an'ireo mpilalao tsirairay rehefa avy misoratra anarana sy nandoa vola izy. Ny tanjona amin'izao hetsika lalao izao dia hampiraisana sy hisian'ny fifankatiavana sy ny firahalahiana eo amin'ny samy Malagasy ary ny tanjona andrasan'ny boriboritany fahatelo ho an'ireo mpandray anjara dia mba hahitana ekipa miisa 32 eo. Marihana ihany koa fa ny olona efa manana licence 2017 sy 2018 dia tsy afaka mandray anjara intsony fa ny hampilalao an'ireo izay mbola tsy milalao no kendrena. Anio sabotsy 01 septambara 2018 no hatao ny fanokafana ny lalao etsy amin'ny Kianjan' Alarobia amin'ny 10 ora maraina. Misy ny “Tirage “ izay hatao eny an- toerana hahafantarana ny laharan'ireo mpilalao izay hifanintsana rehetra ary efa manomboka amin'io andro io ny lalao. Noho izany dia tsy maintsy tonga eny an-toerana ny mpandray anjara rehetra anio sabotsy mba hahafantarana ny tetiandro. Loka goavana no ho azon'ny tafakatra ka ny hahazo ny laharana voalohany dia omby mifahy.




***Ireo mpikarakara ilay baolina kitra foot à 7.***

***Lita***

Tsanta Randriamihajasoa

## Mpanakanto Malagasy voalohany hiatrika ny OneBeat Program



***Tsanta Randriamihajasoa (Ankavanana).***

Tsanta Randriamihajasoa, izy no mpankanto Malagasy voalohany indrindra, voafantina handray anjara amin'ny OneBeat Program ary hiaraka amina mpakakanto maro hafa maneran-tany, hanatrika atrikasa mandritra ny iray volana any Etazonia, arahina andiana fampisehoana any an-toerana. Hanomboka amin'ny 11 Septambra ho avy izao ny fifanakalozana traikefa handraisany anjara any Etazonia. Ny OneBeat dia tetikasan'ny Departemantam-panjakana amerikana misahana ny fanabeazana sy ny kolontsaina (ECA) ary vokarin'ny Found Sound Nation, fanatevenampahalalana ho an'ireo mana-talenta amin'ny fahaizana zava-maneno maneran-tany, anisan' izany ny aty Madagasikara.

***Aly***

Ilafy Ambatondrazaka

## Mitaraina amin'ny tsy nahatafatsanganan'ny lisea ny mponina

Efa ho roa taona lasa izay no nisian'ny tetikasa ananganana lisea vaovao tao an-tampontanànan'ny kaominina ambanivohitr'Ilafy distrikan' Ambatondrazaka hoy ny mponina. Nisy ny fanentanana ireo fokontany mandrafitra ity kaominina ity izay nataon'ireo tompon'andraikitra notarihin'ny Ben'ny tanàna tany an-toerana, ka fokontany iray ihany dia ny tao Ankazotsaravolo no nandà tsy nety nandray anjara tamin'ny hanaovana ny adidim-pokonolona hanatanterahana ny anjara birikin'ny vahoaka tamin'izany. Isan'ny nandray anjara mavitrika ny avy ao amin'ny fokontany Mangabe izay voalaza fa nahavita ny adidiny tamin'ny fitaomana fasika sy ny vatokely ary nanao tsipaipaika nitaterana sy nividianana ireo. Nisy ihany koa ny asam-pokonolona izay natao nentina nanarenana ny toerana izay nikasana hananganana ity lisea ity, ka saika nanana ny anjarany tamin'izany avokoa ny fokontany. Roa taona aty aoriana anefa tsy mbola misy na dia diam-biriky iray aza natsangana hoy ireo mponina ka isan'ny tena sorena mafy tamin'izany ny avy ao amin'ny fokontany Mangabe, izay nanambara fa raha toa ka nafana ny fanentanana ny rehetra hanangana io lisea io dia voatetin'ny tompon'andraikitra avokoa ny fokontany namoriam-bahoaka tamin'izany kanefa ankehitriny tsy tafatsangana izany dia tsy mba misy akory na dia famerenan-teny na tatitra mba hampahafantarana ny vahoaka ny antony tsy nahavitana nanao ny asa izay efa nisy herim-po niala tao tamin'ny fanaovana ny asa tanamaro nanarenana ny toerana tokony hanaovana izany sy ny fandaniana vola nividianana vato sy nitaterana fasika izay tsy notaterina tanana fa nanakaramana kubota nitatitra izany hoy izy ireo. Rehefa tsy ho atao ihany izy io dia takianay ny hamerenana ny laninay tamin'ny asa natao tao hoy ireo solontenam-pokonolona avy any Mangabe ireo. Mitovy amin'izany avokoa ny hetahetan'ireo mponina izay efa nandray anjara tamin'ny fanefana ny adidiny ao amin'ity kaominina ity amin'izao fotoana izao. Tsy tokony hiantso mpanao gazety izahay saingy mitady ny mangarahara ka aleonay avoaka tahaka izao izany alahelonay izany mba ho hitan'izay olona tokony hiantefany hoy izy ireo. Ny alarobia faha-29 aogositra 2018 lasa teo no nisian'ny fidinana ifotony nijery ilay toerana saika hananganana io foto-drafitrasa izay niarahan'ireo solontenam-pokonolona sy ny mpanao gazety ary namoahan'ireo mponina ny alahelony momba ity raharaha ity.

***Raoul***



***2 taona lasa izay, mbola toy izao ihany no hita amin'ilay toerana ananganana Lycée.***

### Taratasin'ny mpamaky

Nisokatra omaly zoma 30 aogositra ny fankalazàna ny faha 10 taonan'ny fikambanana FI Z A A MI na ny Fivondronan'ny Zanak'Ambohimanarina sy Antehiroka mikabary. Fety maro sosona no nanamarihana izany toy ny fanambaràna ny fijoroan'ny fikambanana ho ara-panjakàna, araka ny laharana faha 1616/17- MID/SG/DGAT/DPID/ANT/ASS, tamin'ny 3 aogositra 2017, ary ny fitokanana ny foiben-toeran'ny FI.Z.A.A.MI ao amin'ny fokontany Antanety Antsimo boriborintany faha 6 Ambohimanarina. Ny delegen'ny boriborintany faha 6, Fehizoro Andriamananjezika no filohamboninahitry ny fikambanana araka ny fanendrena nataon'ireo mpikambanana ao amin'ny FI.Z.A.A.MI, ary Dany Rabemananjara, mpiasan'ny Radio Madagasikara teo aloha, no filoha mpanorina 10 taona lasa izay, ka mbola mitondra fivondronan'ny Zanak'Ambohimanarina sy Antehiroka mikabary ankehitriny. Noho ny zavabitan'ity farany tamin'ny fikambanana sy ny firenena dia nosalorana ny mariboninahitra commandeur de l'ordre national Malagasy izy, araka ny fahefàna nomen'ny manampahefàna ny lehiben'ny distrika ao amin'ny boriborintany faha 6. Ny lanonana dia tao amin'ny biraon'ny boriborintany faha 6 Ambohimanarina no natao, izay natrehin'ny lefitra voalohan'ny delege ao amin'ity boriborintany ity sy ireo manampahefana maro ao an-toerana.

***Helisoa***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**25/08/18 hatramin'ny 1/09/18**

- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/ 033 86 194 15

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Fanapariahana:**
Kalasoa: 033 16 153 91
Solofo : 034 89 907 74

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 808-08-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MINISITRY NY FITANTANAM-BOLA

## Tsy nisy fandraisana andraikitra hoy ny Sempidou

Tsy hihemotra ny fitakian'ireo sendikan'ny mpiasan'ny fadin-tseranana na "Sempidou" raha tsy mivaly ny fitakian'izy ireo. Io no nambaran'ireo sendikan'ny mpiasan'ny fadin-tseranana nanao fitokonana ny alakamisy lasa teo. Tsy nisy fifampiantsoana nataon'ny minisitera mpiahy sy ny sendikan'ny mpiasan'ny fadin-tseranana hoy ireto mpiasa ireto matoa tsy nivaha ny olana hatramin'izao. Fiaraha-mientana teo amin'ireo mpiasa tapaka tombontsoa mantsy no tanjona raha ny nambaran'ireto sendikan'ny mpiasan'ny fadintseranana ireto, na dia mbola nisy niasa aza ny teny Antaninarenina. Nanamafy anefa ireto mpiasa ireto fa tsy hitsahatra ny hetsika raha tsy voavaha ny olana eo amin' ny roa tonta. Hampiantso fivoriambe amin'ny alatsinainy izao ireto sendikan'ny fadin-tseranana ireo mba hirosoana amin'ny mety hitohizan' ny fitokonana, na hatsahatra amin'izay aorian'io daty io. Dia ho hita eo ny tohiny.



*Ny minisitry ny fitantanambola Vonintsalama Andriambololona.*

***Rajo***

Fiakaran'ny saran-dàlana 500 ariary

## Tsy mitovy hevitra ny mpitatitra

Efa nisy ny vondrona mpitatitra eto Antananarivo renivohitra nilaza fa hampakatra ny sarandàlana ho 500 ariary manomboka anio sabotsy. Nandritry ny fihaonana teo amin'ireo vondrona mpitatitra Uctu anefa dia tsy mbola mitovy hevitra ireo mpitatitra ireo. Ho an'ireo vondron'ny kaoperativa miasa eto an-drenivohitra dia nanome toky izy ireo fa tsy hisy aloha ny fitokonana lazaina fa hisy ato ho ato. Tsy marina izany hoy ny filoha lefitry ny Uctu, Rakotonirina Jean Emile nandritry ny fanazavany tamin' ny mpanao gazety ny alakamisy lasa teo. Nanome toky ny ray amandreny sy ny mpianatra hanala fanadinana Bepc amin'iny herinandro ho avy iny ny Uctu fa tsy hisy fitokonana izany alohan'ny fanadinana. Tsy nilaza kosa anefa izy ireo na hisy fitokonana, na tsia aorian'io fanadinana io eto amintsika.

***Rajo***

Orinasa Ambatovy

## Nandoa tamberim-bidy avy amin'ny asa fitrandrahana

Nandoa ny tamberim-bidy avy amin'ny asa fitrandrahana mitentina 61 481 250 243 Ariary Ambatovy, omaly. Ny "ristournes" mifandraika amin'ny fotoana nanomboka ny telo volana faran'ny taona 2012 ka hatramin'ny telo volana faharoan'ny taona 2018 ity naloa ity, izay natokana ho an'ireo Kaominina 20 sy Faritra roa voakasiky ny asa fitrandrahan' Ambatovy. « Mahafaly an'Ambatovy ny nahafahany nandoa ireto tamberim-bidy ireto, izay efa tena nandrasan'ireo vondrombahoaka itsinjarampahefana hatry ny ela. Tokony hanampy betsaka amin'ny fampandrosoana azo tsapain-tanana sy lovainjafy ho an'ireo Kaominina sy Faritra iasan'Ambatovy ireto loharanom-bola vaovao sy goavana ireto», hoy ny Filohan'Ambatovy, Stuart Macnaughton. Nahafahan'Ambatovy nanatanteraka ny fandoavana ny tamberim-bidy ny famoahan'ny Fanjakana Malagasy, vao tsy ela akory, ny didim-pitondrana milaza ny famaritana, ny fisokajiana ireo kaominina voakasik'izany, ary ny tahan'ny fitsinjarana ny tamberimbidy ho an'ireo kaominina tsirairay.

Araka ny voalazan'ity didim-pitondrana ity dia tsinjaraina toy izao ny tamberimbidy ( redevances sy ristournes):


- 30% ho an'ny Fanjakana Malagasy ;
- 10% ho an'ny « Fonds National de Péréquation » ;
- 60% ho an'ireo vondrombahoaka itsinjarampahefana, mitsinjara ho Faritany, faritra roa ary ny Kaominina 20 voakasiky ny asa . Ny vola 61,4 arivo tapitrisa Ariary izay naloa ity dia mifandraika amin'ny 10% natokana ho an'ny "Fonds National de Péréquation" sy ny 60% ho an'ny vondrom-bahoaka itsinjarampahefana. Ireo Kaominina 20 manodidina ny Toerampitrandrahana ao Moramanga, manamorona ny «Pipeline », ary manodidina ny Ozinina ao Toamasina no hisitraka izany. Ireto avy izy ireo: Ambohibary, Andasibe, Morarano Gara, Ambodimandroho Mahatsara, Toamasina Suburbaine, Ambalarondra, Ambatovola Gara, Ambinaninony, Ampasimadinika Manambolo, Ampasimbe, Anivorano Est, Beforona, Fanandrana, Antsampanana, Ranomafana Est, Vohipeno Razanaka, Vohitranivona, Brickaville, ary ny Kaominina renivohitra Toamasina sy Moramanga. Alaotra Mangoro sy Atsinanana kosa no Faritra voakasik'izany.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 249**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0248)

**Mitsivalana**
- Solitany
- Olana – Ar
- Seza – Oty
- Ota – Faty
(Miv)
- Ianao
- Renirano
- Aty

**Mitsangana**
- Sosotra
- Telo (Miv)
- Lazaina
- Ina – Tia (Miv)
- Ta – Inri
- Aato (Miv)
- Nataony
- Firy (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 249



**Mitsivalana**

**1.** Karazan-kena – Mari-bola **2.** Rango-pohy (Miv) – Fitaovana fakàna rano **3.** Tampisaka – Tsy tsaroana **4.** Marina – Ingahibe **5.** Ao an-damosina – Hazo maro (BR) **6.** Seho – Heloka **7.** Mikoriana ao anaty – Mpanondro toerana – Tovona (Miv) **8.** Jiaby – Sosotra **9.** Sakoroka – Ako **10.** Voankazo – Hektara

**Mitsangana**

**A.** Fanao voalohany **B.** Aiza ? – Voamaina (Miv) **D.** Verina – Fanafody (Miv) **E.** Hita eo amin'ny valopy – Androany (Miv) – Mpanoritra (Miv) **F.** Iray – Karazan-damba (Miv) **G.** Fifanarahana – Onjam-peo vahiny (Miv) **H.** Mpisolo tena – Zava-maro **I.** Tsirin-teny Iharana – Tolory **J.** Tsy tazana **K.** Mpanoritra anarana – Itenenana

### Valiny Teny mifanaraka 0248

**Mitsivalana**

1 Ranavalona 2. Isa – Ao 3. Sangaisangy 4. Ai(zina) – II – Rà 5.Raharaha 6. Ina – Alainy 7. Ray – M, N, O 8. Oviana 9. Taolana 10. Vanaina – Ro

**Mitsangana**

A. Riseriso B. Asa – AN – Vao D. Nanahary E. Gia – Aato F. Vay – Rainay G. Laisoa (Miv) – Noa (Miv) H. Mahia (Miv) – La I. Nao (Miv) – Ainga J. GR – Na – RN (Miv) K. Aviavy – Lao

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana tany Ampary, faritr'Itasy, distrikan'i Soavinandriana









Ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana niantsena tetsy amin'ny kianjan'ny 13 mai Analakely omaly.





Ny fanolorana mariboninahitra an'i Danny Rabemananjara, filoha mpanorina ny Fizaami teny Ambohimanarina.



